# Nanome ohatra i Allah amin'ny làlana mahitsy

Notaterin'i An-nawwàs ibn Sam'àn (R.A), Niteny i Mpaminany (S.A.WW) hoe : "Nanome ohatra i Allah amin'ny làlana mahitsy, amin'ny ilan'ny roa misy tamboho, manana varavarana misokatra, ary eo am-baravarana dia misy lambam-baravarana manify, ary eo ambaravaran'ilay làlana dia misy Mpiantso milaza hoe : ry Olombelona, midira ao amin'ny làlana Ianareo rehetra ary aza misalasala, ary misy Mpiantso iray eo ambonin'ny làlana, ka raha tiany, dia hovohany ny varavarana, ka hoy Izy hoe : Lozanareo, aza sokafana, raha hanokatra izany Ianao dia ho tafiditra ao. Ny làlana dia ny finoana Islam, ilay tamboho dia fetra napetran'i Tompo Allah, ary varavarana misoka-tsokatra dia zava-boarara, ilay Mpiantso eo amin'ny làlana dia Bokin'i Tompo Allah, ary ilay Mpiantso eny amboniny dia mpananatra ao am-pon'ny Mpino rehetra ".

[Mari-pototra] [Notantarain'i Al-Tirmizì sy Ahmad]

Manazava i Mpaminany (S.A.W) fa Tompo Allah dia nanome ohatra amin'ny làlana mahitsy tsy misy fiolakolahana, amin'ny ilan'ny roa misy tamboho roa izay mandrakotra azy, io tamboho roa io no fetran'i Allah, ka manelanelan'ny tamboho ireo dia misy varavarana misokatra, izany dia ireo zava-boarara rehetra. Ary eo am-baravarana misy lambam-baravarana manify, izay tsy hatazanan'ireo Mpandalo ny ao anatiny, ary eo ambaravaran'ilay làlana dia misy Mpiantso manoro azy ireo, milaza hoe : ry Olombelona, midira ao amin'ny làlana Ianareo rehetra, ary aza mivilivily havia na havanana, io Mpiantso io dia Bokin'i Tompo Allah. Ary mbola misy Mpiantso iray hafa eo ambonin'ny làlana; ka io Mpiantso io rehefa misy manana eritreritra hanokatra ny varavarana dia mampitandrina hoe : Lozanao ! Aza sokafana io varavarana io, raha manokatra io Ianao dia hiditra ao ary tsy ho afaka hisakana ny Tenanao tsy hiditra Ianao. Ka ilay Mpiantso eny ambony dia mpananatra ao am-pon'ny Mpino rehetra ".



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee